

Mialy Razakandisa Rajoelina

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FAMPITAM-BAOVAO**

**Fanambarana mikasika ny andraikitra sahanin'ny vadin'ny Filohan'ny Repoblika**

Ny Fiadidiana ny Repoblikan'i Madagasikara dia mitondra ho fantatry ny besinimaro fanampim-panazavana mikasika ny andraikitra sahanin'ny vadin'ny Filohan'ny Repoblika:

- Manamafy ny fandalàny ny soatoavina sy ny fotokevitra ifaharan'ny fiaraha-monina malagasy dia ny "Fitiavana, ny Fihavanana, ny Fifanajana, ary ny Fitandroana ny aina" ny vadin'ny Filohan'ny Repoblika,
- Mahatsapa ny andraikitra goavana tokony ho raisin'ny vehivavy mba hisian'ny fampiraisana sy ny filaminana ara-tsosialy, ary mba ahatongavana any amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ny fanabeazana,
- Resy lahatra ny amin'ny tokony hikatsahana fiainana tsara kokoa ho an'ny zaza amam-behivavy, mba hiantohana ho avy mamiratra kokoa,
- Mahatsapa ny maha-zava-dehibe ny firotsahana lalindalina kokoa amin'ny fikatsahana ny mahasoa ny Vahoaka malagasy,

Noho izany indrindra dia manipika ny fankatoavany ireto foto-kevitra goavana manaraka ireto Ramatoa Rajoelina Razakandisa Mialy, vadin'ny Filoham-pirenena:

1. Ny Filohan'ny Repoblika no tompon'antoka voalohany amin'ny fampizorana araka ny tokony ho izy ny fiainam-pirenena. Ny andraikitry ny vadiny dia ny manohana azy amin'ny fanatanterahany io asa masina io, ka miara-dia aminy amin'ireo fivoahany ofisialy izay ataony.

2. Ho fanajàna tahaka ny anakandriamaso ireo soatoavina repoblikana lalain'ny fanjakana, ny vadin'ny Filohan'ny Repoblika dia tsy mitsabaka mihitsy, na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana, amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana.

3. Tsy manao tsindry bokotra amina tompon'andraikim-panjakana na amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana amin'ny ankapobeny.

4. Ny vadin'ny Filohan'ny Repoblika dia tsy mandray karama na tambin-karama, tsy manana kabinetra ary tsy misy sora-bola natokana ho azy ao anatin'ny teti-bolam-panjakana. Mpiara-miasa mpanampy iray kosa no omen'ny fanjakana azy handrindra ny fandaharam-potoanany sy hiaraka aminy amin'ireo dia izay ataony.

Eo anatrehan'izany indrindra dia manome toky Ramatoa Rajoelina Razakandisa Mialy, vadin'ny Filohan'ny Repoblika, fa ao anatin'ny asa sy andraikitra izay hosahaniny dia hilofo bebe kokoa izy:

- Hanohy hiasa mandrakariva hanampy ny firenena sy ny vahoaka amin'ny alalan'ny Fikambanana izay tarihany.
- Hametraka ho laharam-pahamehana ary hiady manokana amin'ny herisetra atao amin'ny vehivavy sy ny ankizy, ho fitandroana ny zon'olombelona, ny fahamendrehana sy ny soatoavina maha-olona.
- Hiaro ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fandaharan'asan'ny sehatra PAESFA izay tarihany, mba ho fanatsarana ny fiainana sy ny fahasalaman'ny tokantrano tsirairay.
- Izao fanazavana etoana izao dia nentina amin'ny anaran'ny mazava sy mangarahara momba ny tena tokony ho andraikitry ny Vadin'ny Filohan'ny Repoblika eo amin'ny fiainam-pirenena.

Natao teto Antananarivo, androany 06 febroary 2019

Ny talen'ny Kabinetran'ny Fiadidiana ny Repoblikan'i Madagasikara

**********************************************

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**COMMUNIQUE OFFICIEL RELATIF AU ROLE DE LA PREMIERE DAME**

La Présidence de la République de Madagascar tient à mettre à la connaissance de l'opinion publique malagasy les précisions suivantes sur le rôle de la Première Dame, épouse du Président de la République :

- Affirmant son attachement aux valeurs et principes fondamentaux de la société malagasy "Fitiavana, Fihavanana, Fifanajana, Fitandroana ny aina",
- Consciente du rôle fondamental que joue la femme dans la cohésion et la paix sociale ainsi que dans le développement économique et l'éducation,
- Convaincue de la nécessité de protéger et d'instaurer de meilleures conditions de vie pour la Mère et l'Enfant, gage d'un avenir meilleur,
- Mesurant la nécessité de s'engager pour le Bien-être du Peuple Malagasy,

La Première Dame, Rajoelina Razakandisa Mialy, adhère pleinement aux principes suivants:

1. Le Président de la République est le premier garant de la bonne marche du Pays. Le principal devoir de la Première Dame est de le soutenir dans la réalisation de cette noble mission en l'accompagnant lors de représentations officielles.

2. Dans le respect des valeurs républicaines fondatrices de L'Etat Malagasy, la Première Dame s'interdit, de quelque manière que ce soit, toute immixtion dans les affaires de l'Etat.

3. La Première Dame s'abstient d'effectuer toute intervention sur une autorité ou sur l'administration publique en général.

4. La Première Dame ne perçoit aucune rémunération et ne bénéficie ni d'un Cabinet ni d'un budget alloué au titre de son rôle de femme du Chef de l'Etat.
Toutefois, elle peut disposer d'une assistante pour gérer son agenda et l'accompagner dans ses déplacements.

Aussi, s'engage-t-elle :

- à continuer à œuvrer pour le Pays essentiellement à travers son Association ;
- à contribuer et participer dans la lutte contre la violence à l'égard des femmes et des enfants dans le souci d'affirmer l'importance des droits humains, de la dignité et de la valeur humaine,
- à protéger l'environnement en apportant une solution pour améliorer la vie et la santé des foyers à travers le programme de la Plateforme "PAESFA" dont elle est la Présidente.

- La présente Déclaration a été faite dans un souci de transparence et de clarté sur le rôle et la place de l'épouse du Chef de l'Etat dans la Vie de la Nation.

Fait à Antananarivo, le 06 février 2019

La Direction du Cabinet de la Présidence